

# MANEHO FIARAHABANA AVY ATY Libanona!

I Libanona dia any Moyen-Orient. Olona eo ho eo amin'ny 7 tapitrisa no mipetraka ao.



*Miaraha amin'i Margo sy i Paolo eo am-pitetezan'izy ireo an'izao tontolo izao mba hahafantarana momba ireo zanak' Andriamanitra.*

**SEDERAN'I LIBANONA**

Nanana hazo sedera maro i Libanona taloha. Ny sederan'i Libanona (Liban) dia voatonona mihoatra ny im-70 ao amin'ny Baiboly! Ankehitriny ny sainampirenen'i Libanona dia misy sarina hazo sedera.



**TANÀNA AMORON-TSIRAKA**

Ny sisiny andrefana manontolo amin'i Libanona dia mikasika amin'ny Ranomasina Mediterane. Ireto ankizivavy ireto dia eny amorondranomasina ao an-drenivohitra, dia i Beyrouth.




**FITENY ÔFISIALY**

Io ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana amin'ny fiteny Arabo, ny fiteny ôfisialy ao Libanona.



**FIVAVAHANA ROA**

Ny finoana silamo sy kristianina no fivavahana lehibe ao Libanona. Io moske silamo io dia mijoro eo akaikin'ny fiangonana kristianina.



**TABOULÉ**

Ity salady ity dia vita amin'ny persily, voatabia, solila, tongolo, ary bulgur (karazana voamaina).

SARY NATAON'I KATIE MCDEE